**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**MINSTERE DE L'ENVIRONNEMENT**

**Décret** *N° 2000-027*
**relatif aux communautés de base chargées de la gestion locale de ressources naturelles renouvelables**

LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT
- Vu la Constitution,
- Vu la Loi n° 90-033 du 21 Décembre 1990 portant Charte de l'Environnement et ses modificatifs ,
- Vu la Loi n° 96-025 du 30 Septembre 1996 relative à la gestion locale des ressources naturelles renouvelables,
- Vu le Décret n° 98-522 du 23 Juillet 1998 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,
- Vu le Décret n° 98-530 du 31 Juillet 1998 portant nomination des membres du Gouvernement,
- Vu le Décret n° 98-962 du 18 Novembre 1998 fixant les attributions du Ministre de l'Environnement ainsi que l'organisation générale de son Ministère,

Sur proposition du Ministre de l'Environnement, En Conseil de Gouvernement,

**DECRETE :**

**Article premier.** En application des dispositions de la Loi N° 96-025 du 30 Septembre 1996 relative à la gestion locale des ressources naturelles renouvelables, le présent Décret a pour objet de définir la structure et les
règles de fonctionnement des communautés de base susceptibles de se voir confier la gestion des ressources
naturelles renouvelables.

## TITRE PREMIER
## DISPOSITIONS GENERALES

**Art. 2.** La communauté de base est un groupement volontaire d'individus unis par les mêmes intérêts et obéissant à des règles de vie commune. Elle regroupe selon le cas les habitants d'un hameau, d'un village ou d'un groupe de villages. Elle est dotée de la personnalité morale.
La communauté de base, visée par le présent Décret, a pour objet la gestion locale des ressources naturelles renouvelables selon la Loi n° 96-025 précitée.
**Art. 3.** Le siège de la communauté de base est fixé au village, ou à l'un des villages ou hameaux de résidence des membres de la communauté. Il peut être transféré dans d'autres zones du lieu d'intervention après décision de l'Assemblée Générale.

**Art. 4.** La communauté de base doit être déclarée par ses fondateurs auprès de la commune de rattachement.
Cette déclaration d'existence doit être accompagnée par un exemplaire du procès-verbal de constitution de la communauté de base et de son statut. Il en sera délivré récépissé.
La déclaration d'existence est une condition de recevabilité de la demande de transfert de gestion locale des ressources naturelles renouvelables.

**Art. 5.** Peut être accepté comme membre tout habitant résidant dans les limites du terroir de la communauté de base. Il doit s'engager à respecter les règles de fonctionnement de la communauté et à exécuter les activités et les objectifs établis par la communauté de base.
La candidature pour devenir membre est soumise à l'Assemblée Générale, qui délibère dans les conditions fixées par le statut.
La candidature doit être posée volontairement.

*Thème :*
*GELOSE*

*N° 7* *Faha : 7*

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

Tanindrazana – Fahafahana – Fandrosoana

**MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT**

**MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA**

# DECRET *N° 2000-027*

relatif aux communautés de base chargées de la gestion locale de ressources naturelles renouvelables

# DIDIM – PANJAKANA LAHARANA *FAHA – 2000 – 027*

mikasika ny vondron'olona ifotony miandraikitra ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina

*Promulgué le 13 janvier 2000/Avoaka hanankery ny 13 janoary 2000*

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
Tanindrazana – Fahafahana – Fandrosoana

**MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA**

**Didim-panjakana laharana** *faha : 2000 – 027*
**mikasika ny vondron'olona ifotony miandraikitra ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina**

Ny Praiminisitra sady lehiben'ny Governemanta
Araka ny lalàmpanorenana,
Araka ny lalàna laharana faha – 90 – 033 tamin'ny 21 desambra 1990 anaovana ny sata mifehy ny tontolo iainana sy ny fanovàna azy,
Araka ny lalàna laharana faha – 96 – 025 tamin'ny 30 septambra 1996 mikasika ny fitantanana eo an – toerana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina,
Araka ny didim-panjakana laharana faha – 98 – 522 tamin'ny 23 jolay 1998 manendry ny Praiminisitra sady lehiben'ny Governemanta,
Araka ny didim-panjakana laharana faha – 98 – 530 tamin'ny 31 jolay 1998 manendry ny mambra ao amin'ny Governemanta,
Araka ny didim-panjakana laharana faha – 98 – 962 tamin'ny 18 novambra 1998 mametra ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Tontolo iainana, ary koa ny fandaminana ankapobeny ny minisiterany,
Araka ny tolo-kevitra naroson' ny Minisitry ny Tontolo iainana,
Eo am-pivorian'ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didy manaraka izao :

**Andininy voalohany.** – Ho fampiharana ny fepetra voalazan'ny lalàna laharana faha – 96 – 025 tamin'ny 30 septambra 1996 mikasika ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina, dia izao didim-panjakana izao no manoritra ny firafitra sy ny fitsipika fampandehanan-draharahan'ny vondron'olona ifotony azo anankinana ny fitantanana ny loharanon-karena mety havaozina.

## LOHATENY VOALOHANY
## FEPETRA ANKAPOBENY

**And. 2** Ny vondron'olona ifotony dia fikambanan'olon-tsotra manana zotom-po atambatry ny tombontsoa iraisany ary manaiky ho voafehin'ny fitsipi-piainana iombonana. Araka ny fisehon-javatra dia mivondrona ao anatiny ny mponina iray tanàna mitsitokotoko, iray vohitra na vohitra maromaro. Mizaka ny zo aman'andraikitra izy io.
Ny zava-kinendrin'ny vondron'olona ifotony, tondroin'izao didim-panjakana izao dia ny fitantanany eny an-toerana ny loharanon-karena mety havaozina araka ny lalàna laharana faha – 96 – 025 voalaza etsy ambony.
**And. 3** Ny foibem-pikambanan'ny vondron'olona ifotony dia ferana ho amin'ny vohitra, na ao amin'ny iray amin'ireo vohitra na tanàna mitsitokotoko misy ny toeram-ponenan'ilay vondron'olona. Azo atao ny mamindra azy io an-toeran-kafa noho ilay irotsahany an-tsehatra aorian'ny fanapahan-kevitra raisin'ny Fivoriambe.
**And. 4** Tsy maintsy anaovan'ireo mpamorona azy fanambarana ao amin'ny Kaominina iankinany ny fitsanganan'ny vondron'olona ifotony. Ampiarahina amin'io fanambarana ny fisiany io ny sosona iray amin'ny fitànana an-tsoratra ny fananganana ilay vondron'olona ifotony sy ny fitsipi-pikambanany. Hanomezana tapakila aharaisana azy izany.
Ny fanambarana ny fisiany dia fepetra iray ahazoa-mandray ny fangatahana famindram-piandraiketana ny fitantanana eo an-toerana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina.
**And. 5** Azo ekena ho anisan'ny mpikambana ao anatiny ny olona rehetra miorim-ponenana ao amin'ny faritra misy ilay vondron'olona ifotony. Tsy maintsy manome toky izy fa ho toaviny ny fampandehanan-draharahan'ny vondron'olona ifotony sy ho tontosainy ny asa aman-draharaha ary ny tanjona ho tratrarin'ilay vondron'olona ifotony.
Ny filatsahana ho anisan'ny mpikambana dia aroso eo amin'ny fivoriambe ka izy no mandray fanapahan-kevitra araka ny fepetra voasoritry ny fitsipi-pikambanana. An-tsitrapo no ametrahana ny filatsahan-ko mpikambana.

**Art. 6**. Un membre peut démissionner de la communauté de base. Les responsabilités du membre démissionnaire sont fixées par le statut et le règlement intérieur et /ou *dina.*
**Art. 7**. La communauté de base doit être dotée d'un organe délibérant et d'un organe exécutif, de règles defonctionnement et de gestion financière.

## TITRE II
## DES ORGANES DE LA COMMUNAUTE DE BASE

**Art. 8**. Les organes de la communauté de base sont les suivants :
- l'Assemblée générale
- une structure de gestion

### CHAPITRE PREMIER - DE L'ASSEMBLEE GENERALE

**Art. 9**.L'Assemblée Générale est l'organe délibérant de la communauté de base: Elle a pour fonction :
- d'adopter le statut de la communauté de base ;
- d'élaborer et adopter le Règlement Intérieur et /ou *Dina* régissant la communauté de base, conformément au modèle de règlement intérieur et /ou dina annexé au présent Décret, avec l'aide éventuelle du médiateur environnemental ~
- de fixer les objectifs à atteindre et le plan de travail annuel de la communauté de base ;
- d'élire les membres de la structure de gestion ;
- d'approuver les comptes de la communauté de base ;
- de décider de l'affectation des fonds au profit du développement communautaire.

**Art. 10.** L'Assemblée Générale se réunit en session ordinaire au moins deux fois par an ou chaque fois que les intérêts de la communauté l'exigent.
Une assemblée générale extraordinaire peut être convoquée à la demande de la structure de gestion ou du tiers des membres de la communauté de base.
Le Président de la structure de gestion convoque l'Assemblée Générale selon les us et coutumes locales.
**Art. 11**. Les décisions de l'Assemblée Générale sont prises par consensus. A défaut de consensus, elles sont prises à la majorité absolue des membres présents.
L'Assemblée Générale ne peut pas prendre de décision en l'absence de la moitié de ses membres. Si ce quorum n'est pas atteint, une nouvelle convocation est lancée et la décision est prise à la majorité des deux -tiers des membres présents.

### CHAPITRE II - DE LA STRUCTURE DE GESTION

**Art. 12.** La structure de gestion est l'organe exécutif de la communauté de base. Il est composé d'un Président, d'un Vice-Président , d'un Trésorier et d'un Secrétaire élus par l'Assemblée Générale.
En cas d'absence du Président, la fonction de ce dernier est exercée par le Vice-Président
**Art. 13**. La structure de gestion prend toutes les mesures pour assurer l'exécution des objectifs fixés par l'Assemblée Générale. Elle est chargée de l'organisation des activités de la communauté de base.
**Art. 14**. Le Président de la structure de gestion représente la communauté de base auprès des différentes instances administratives et des partenaires privés de la communauté.

## TITRE III
## DES REGLES DE FONCTIONNEMENT

**Art. 15.** Les règles de fonctionnement de la communauté de base sont fixées par son statut, son règlement intérieur et son dina.
**Art. 16**. L'élaboration, l'adoption et la modification du statut relèvent de la compétence de l'Assemblée Générale. Le statut adopté est déposé auprès du Maire de la commune de rattachement.
L'Assemblée Générale ne peut décider des modifications du statut de la communauté de base si le quorum des deux – tiers des membres n'est pas atteint. A défaut de quorum, une seconde convocation est lancée et la décision est prise à la majorité des deux – tiers des membres présents.

**And. 6** – Azon'ny mpikambana iray atao ny miala tsy ho isan'ny vondron'olona ifotony. Ny sata mifehy ny fikambanana sy ny fitsipika anatiny ary / na ny dina no mamaritra ny andraikitra iantsoroan'ny mpikambana mametra-pialana.

**And. 7** – Amin'ny vondron'olona ifotony dia tsy maintsy misy ny rantsana mandray ny fanapahan-kevitra sy ny rantsana mpanatanteraka ny fitsipika momba ny fampandehanan-draharaha ary ny fitantanam-bola.

## LOHATENY II
## RANTSA – MANGAIKA NY VONDRON'OLONA IFOTONY

**And. 8** – Ny rantsa-mangaika ny vondron'olona ifotony dia ireto manaraka ireto :

- Ny Fivoriambe
- Ny drafi-pitantanana

### TOKO VOALOHANY - MIKASIKA NY FIVORIAMBE

**And. 9** – Ny Fivoriambe no rantsana mpandray ny fanapahan-kevitra anatinà vondron'olona ifotony. Ny anjara asany dia :

- ny fandaminana ny fitsipi-pikambanan'ny vondron'olona ifotony,
- ny famolavolana sy ny fandaniana anatiny sy / na dina mifehy ny vondron'olona ifotony, araka ny modelin'ny fitsipika anatiny sy / na ny dina atovana ity didim-panjakana ity, ombàn'izay mety ho fanampiana entin'ny mpanelanelana momba ny tontolo iainana,
- ny famerenana ny tanjon-ko tratrarina sy ny fandaharanasa isan-taona tanterahin'ny vondron'olona ifotony,
- ny fifidianana ny mpikambana anatin'ny drafi-pitantanana,
- ny fankatoavana ny kaontin'ny vondron'olona ifotony,
- ny fandraisana fanapahana mikasika ny fanokanam-bola hoenti-manana ny fampandrosoana iombonambe.

**And. 10** – Ny fivoriambe dia miatrika fivoriana ara-potoana indroa ahay isan-taona na isaky ny misy ilàna izany hitandroana ny tombontsoan'ny vondron'olona ifotony.

Azo atao ny fanaikana Fivoriambe tsy ara-potoana raha mangataka izany ny drafi-pitantanana na ny ampahatelon'ny mpikambana ao amin'ny vondron'olona ifotony.

Araka ny fomba amam-panao eo an-toerana no anaikan'ny filohan'ny drafi-pitantanana ny fivoriamben'ny mpikambana.

**And. 11** – Teny miera no andraisan'ny Fivoriambe fanapahan-kevitra. Raha tsy misy ny lany era dia ny antsasa-manilan'ny mpikambana tonga manatrika ao no mandany azy.

Ny Fivoriambe dia tsy afa-mandray fanapahan-kevitra raha tsy eo ny antsasaky ny mpikambana ao anatiny. Raha tsy feno io isa tratrarina io dia alefa ny fanaikana fanindroany hivory ary ny roa ampahatelony amin'ny mpikambana tonga eo no mandray ny fanapahan-kevitra.

### TOKO II - Drafi-pitantanana

**And. 12** – Ny drafi-pitantanana no rantsana mpanatanteraka amin'ny vondron'olona ifotony. Ao anatiny dia ahitana filoha iray, filoha-lefitra iray, mpitam-bola iray ary sekretera iray izay voafidin'ny Fivoriambe.

Raha tsy eo ny filoha dia ny filoha-lefitra no misahana ny asa aman-draharahany.

**And. 13** – Raisin'ny drafi-pitantanana ny fepetra rehetra hoenti-manatanteraka ny tanjo-ko tratrarina noferan'ny Fivoriambe. Ampiandraiketina azy ny fandaminana ny asa aman-draharahan'ny vondron'olona ifotony.

**And. 14** – Ny filohan'ny drafi-pitantanana no misolo tena ny vondron'olona ifotony anatrehan'ny ambaratongam-pitondram-panjakana sy ireo olon-tsotra na fikambanana mifarimbon'asa aminy.

## LOHATENY III
## FITSIPIKA FAMPANDEHANAN'ASA AMAN-DRAHARAHA

**And. 15** – Ny fitsipika momba ny fampandehanana ny asa aman-draharahan'ny vondron'olona ifotony dia ny fitsipi-pikambanana, ny fitsipika anatiny ary ny dina ifanaovany no mametra azy.

**And. 16** – Ny famolavolana, ny fandaniana ary ny fitsipi-pikambanana dia tandrifim-pahefan'ny Fivoriambe. Apetraka any amin'ny Ben'ny tanàna iankinany ny fitsipi-pikambanana tapaka.

Tsy azon'ny Fivoriambe atao ny mampiditra soso-panovàna ny fitsipi-pikambanan'ny vondron'olona ifotony raha tsy tonga manatrika eo ny roa ampahatelon'ny mpikambana. Raha tsy feno ny isa tratrarina dia atao ny fanaikana hivory ary amin'izay dia lany ny fanapahan-kevitra raisin'ny roa ampahatelon'ny mpikambana tonga.

**Art. 17.** Le statut de la communauté de base indique notamment :
- son objet ;
- son assise territoriale ;
- ses organes ;
- son fonctionnement sur la base des dispositions du présent Décret.

Il comprend en annexe la liste de ses membres et celle de ses représentants élus.

**Art. 18.** Le Règlement Intérieur et /ou *Dina* est établi, adopté et modifié par l'Assemblée Générale selon lesrègles coutumières régissant la communauté de base et en vertu de l'article 49 de la Loi N° 96-025 précitée.
Le Règlement intérieur et /ou *Dina* ne peut comporter des mesures pouvant porter atteinte à l'intérêt général et à l'ordre public.
Ses dispositions doivent être conformes à la Constitution, à la législation et à la réglementation en vigueur, ainsi qu'aux usages reconnus et non contestés dans la Commune de rattachement.
Le Règlement Intérieur et /ou *Dina* ne devient exécutoire qu'après visa du Maire de la commune de rattachement, qui doit le délivrer dans un délai maximum de vingt (20) jours. Il fera l'objet d'un affichage par le Maire de ladite Commune.
Un modèle indicatif de Règlement Intérieur et /ou Dina est annexé au présent Décret.

**Art. 19.** Les sanctions des violations des règles de fonctionnement de la communauté de base sont fixées par le Règlement Intérieur et /ou Dina.

## TITRE IV
## DE LA GESTION FINANCIERE

**Art. 20.** Les ressources financières de la communauté proviennent principalement :
- de la cotisation de ses membres ;
- des aides matérielles et financières provenant d'autres organismes ;
- des dons et legs ;
- des produits de ses activités.

**Art. 21.** La gestion financière de la communauté de base est régie par la tenue d'un cahier de recettes et dépenses.
Un commissaire aux comptes élu par l'Assemblée Générale procédera à chaque fin de l'année budgétaire au contrôle des comptes financiers de la communauté de base.
Les comptes sont approuvés par l'Assemblée Générale.

## TITRE V
## DISPOSITIONS DIVERSES

**Art. 22.** En cas de démission de la majorité absolue des membres de la communauté de base, une procédure de réconciliation est engagée sous l'égide d'un médiateur environnemental et /ou du Maire de la commune de rattachement. En cas d'échec de cette médiation, la dissolution de la communauté de base est constatée par le Maire de la commune de rattachement.

**Art. 23.** La dissolution de la communauté de base peut aussi être décidée par l'Assemblée Générale. Une telle décision ne peut être prise, si le quorum des deux -tiers des membres n'est pas atteint.
A défaut de quorum, une seconde convocation est lancée et la décision de dissolution est prise à la majorité des deux -tiers des membres présents.

**Art. 24.** Dans les cas de dissolution prévus par les articles 22 et 23 du présent Décret, et si toutes les dettes ont été apurées, tous les matériels et dons reçus par la communauté de base sont transférés à la commune de rattachement qui les transmettra ensuite à d'autres communautés de base ayant des activités similaires dans ladite Commune.

**Art. 25.** Toutes les décisions prises lors des réunions doivent être rédigées par écrit et classées dans un livre réservé à cet effet.

**Art. 26.** Le Président ou l'un des membres de la structure de gestion se charge de toutes les rédactions écrites.

**And. 17** – Voasoritra indrindra indrindra ao anatin'ny fitsipi-pikambananan'ny vondron'olona ifotony :
- ny anton'asa aman-draharaha imasoany,
- ny faritra iasany,
- ny rantsa-mangaika aminy,
- ny fampandehanana ny asa aman-draharahany mifototra amin'ny fepetra voalazan'izao didim-panjakana izao.

Anatin'ny tovana dia ahitana ny lisitry ny mpikambana ao aminy sy ireo solontena voafidy.

**And. 18** – Ny fandraiketana ny fitsipika anatiny sy / na dina, ny fandaniana sy fanovàna azy dia atao araka ny fitsipika voalazan'ny fomba amam-panao mifehy ny vondron'olona ifotony sy araka ny andininy faha – 49 amin'ny lalàna laharana faha – 96 – 025 voalaza etsy ambony.

Ny fitsipika anatiny sy / na ny dina dia tsy afaka asiana fanapahan-kevitra mety hanozongozona ny tombontsoan'ny be sy ny maro sy ny fandriampahalemana. Ny fepetra ao aminy dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana, ny lalàna sy ny fitsipi-pifehezana manan-kery, ary koa amin'ny fomba amam-panao fantatra ary tsy misy mandà ao amin'ny Kaominina iankinany.

Tsy azo tanterahina ny fitsipika anatiny sy / na dina raha tsy efa voazahan'ny Ben'ny tanàna iankinany, izay tokony hanome tapakilam-paharaisana ao anatin'ny fe-potoana roapolo (20) andro. Hataon'ny Ben'ny tanàna amin'io Kaominina io peta-drindrina izany.

Mitovana amin'izao didim-panjakana izao ny modely fanondrotondroana ny momba ny fitsipika anatiny sy / na dina.

**And. 19** – Ny sazy ahatra amin'ny fandikana ny fitsipika fampandehanan'ny vondron'olona ifotony dia feran'ny fitsipika anatiny sy / na dina.

## LOHATENY IV
## NY AMIN'NY FITANTANAM – BOLA

**And. 20** – Izao avy indrindra indrindra ny loharanom-bolan'ny vondron'olona ifotony :
- ny latsakemboka avy amin'ny mpikambana ;
- ny fanampiana ara-pitaovana na ara-bola avy amin'ny antokon-draharaha hafa ;
- ny tolotra sy fanomezana ;
- ny vokatry ny asa aman-draharaha nosahaniny.

**And. 21** – Ny fitantanam-bolan'ny vondron'olona ifotony dia voafehin'ny bokin'andraikitra tànana momba ny vola miditra sy mivoaka.

Misy ny mpanamarin-kaonty iray nofinidin'ny Fivoriambe, hatao isaky ny mifarana ny taom-piasana ara-bola, ny fanaraha-maso ny kaontim-pitantanam-bolan'ny vondron'olona ifotony.

Toavin'ny Fivoriambe ny kaonty momba ny fitantanam-bola.

## LOHATENY V
## FEPETRA SAMIHAFA

**And. 22** – Raha misy ny fametraham-pialana ataon'ny ankamaroan'ny mpikambana ao amin'ny vondron'olona ifotony dia raketina ny fampihavanana eo ambany fiahian'ny mpanelanelana momba ny tontolo iainana sy / na ny Ben'ny tanàna iankinana. Raha mandamoka ny vokatr'io fanelanelanana io, dia ny Ben'ny tanàna iankinana no mizaha fototra ny faharavan'ilay vondron'olona ifotony.

**And. 23** – Azon'ny Fivoriambe atao ihany ny manapaka ny momba ny faharavan'ny vondron'olona ifotony. Tsy azo raisina ny fanapahan-kevitra toy izany raha tsy eo ny roa ampahatelon'ny mpikambana.

Raha tsy feno io isa tratrarina io dia alefa ny fanaikana hivory fanindroany ary ny ankamaroan'ny roa ampahatelon'ny mpikambana tonga eo no mandray fanapahan-kevitra ny amin'ny faharavan'ny fikambanana.

**And. 24** – Raha misy ny faharavana voalazan'ny andininy faha – 22 sy faha – 23 amin'ity didim-panjakana ity, ary raha toa ka voaloa daholo ny trosa, ny fitaovana rehetra sy ny fanomezana voarain'ny vondron'olona ifotony dia afindra ho amin'ny Kaominina iankinana izay mandefa azy ireo indray any amin'ny vondron'olona ifotony hafa manana sahan'asa mitovy amin'io Kaominina voalaza io ihany.

**And. 25** – Ny fanapahana rehetra raisina eo am-pivoriana dia tsy maintsy adika an-tsoratra sy sokajiana ao anaty boky natokana ho amin'izany.

**And. 26** – Ny filoha na ny iray amin'ireo mpikambana ao amin'ny drafi-pitantanana no miandraikitra ny fampandriana an-tsoratra.

**Art. 27**. Des arrêtés pourront être pris en application du présent décret.

**Art. 28**. Le Vice-Premier Ministre chargé du Budget et du Développement des Provinces Autonomes, le Ministre de Eaux et Forêts, la Ministre de la Population, de la Condition Féminine et de l'Enfance, le Ministre de la Justice, Garde des Sceaux, le Ministre de la Pêche et des Ressources Halieutiques, le Ministre de l'Intérieur, le Ministre de l'Aménagement du Territoire et de la Ville, le Ministre de l'Elevage, le Ministre de l'Agriculture et le Ministre de l'Environnement sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du Présent Décret qui sera publié au Journal Officiel de la République de Madagascar.

Fait à Antananarivo, le 13 Janvier 2000

Le Premier Ministre et Chef du Gouvernement
Tantely ANDRIANARIVO.
Le Vice-Premier Ministre chargé du Budget du Développement des Provinces Autonomes
Pierrot RAJAONARIVELO.
Le Ministre des Eaux et Forêts
Rija RAJOHNSON.
Le Ministre de la Population Ny Minisitry ny Mponina sy ny toe-piainan'ny vehivavy ary ny ankizy,
Noëline JAOTODY.
Le Ministre de la Justice et Garde des Sceaux,
Anaclet IMBIKI.
Le Ministre de la Pêche et des Ressources Halieutiques,
Abdallah HOUSSEN.
Le Ministre de l'Intérieur
Jean Jacques RASOLONDRAIBE.
Le Ministre de l'Aménagement du Territoire de la Ville,
Herivelona RAMANANTSOA.
Le Ministre de l'Elevage,
RAKOTONDRASOA.
Le Ministre de l'Agriculture,
Marcel Théophile RAVELOARIJAONA.
Le Ministre de l'Environnement,
ALPHONSE.

**And. 27** – Mety hisy ny didim-pitondrana afaka ho raisina ho fampiharana ity didim-panjakana.

**And. 28** - Ny Praiminisitra lefitra miandraikitra ny Tetibola sy ny Fampandrosoana ny Faritany mizaka tena, ny Minisitra miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny toekarena, ny Minisitry ny Rano sy ny Ala, ny Minisitry ny Mponina sy ny Toe-piainan'ny vehivavy ary ny ankizy, ny Minisitry ny Fitsarana, ny Mpitahiry ny kasem-panjakana, ny Minisitry ny Fanjonoana sy ny haren'ny atirano, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Tanan-dehibe, ny Minisitry ny Fiompiana, ny Minisitry ny Fambolena, ny Minisitry ny Tontolo iainana no miadidy, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao, izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakanan'ny Repoblika*.

Natao tao Antananarivo, ny 13 janoary 2000.

Avy amin'ny Praiminisitra sady lehiben'ny Governemanta :
Tantely ANDRIANARIVO.
Ny Praiminisitra lefitra miandraikitra ny Tetibola sy ny Fampandrosoana ny Faritany mizaka tena,
Pierrot RAJAONARIVELO.
Ny Minisitry ny Rano sy ny Ala,
Rija RAJOHNSON.
Ny Minisitry ny Mponina sy ny toe-piainan'ny vehivavy ary ny ankizy,
Noëline JAOTODY.
Ny Mpitahiry ny kasem-panjakana, ny Minisitry ny Fitsarana,
Anaclet IMBIKI.
Ny Minisitry ny Fanjonoana sy ny haren'ny atirano,
Abdallah HOUSSEN.
Ny Minisitry ny Atitany
Jean Jacques RASOLONDRAIBE.
Ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Tanan-dehibe,
Herivelona RAMANANTSOA.
Ny Minisitry ny Fiompiana,
RAKOTONDRASOA.
Ny Minisitry ny Fambolena,
Marcel Théophile RAVELOARIJAONA.
Ny Minisitry ny tontolo iainana,
ALPHONSE.

**B. Annexe au Décret n° 2000-027 du 13 Janvier 2000 relatif aux Communautés de Base chargées de la gestion locale des ressources naturelles renouvelables**

## MODELE DE RÈGLEMENT INTÉRIEUR ET /OU *DINA* REGISSANT LES COMMUNAUTES DE BASE ET RELATIF A LA GESTION LOCALE DES RESSOURCES NATURELLES RENOUVELABLES

Le présent Règlement Intérieur et /ou *Dina* est délibéré et adopté par les membres de la communauté de base de
................................ de la Commune ...................... , Sous-Préfecture de......................... au cours de leur Assemblée Générale en date du................................,
présidée par M ............................................
assisté par M .................................... Secrétaire
M ................................
M ................................

**Article premier**. Le présent Règlement Intérieur et /ou *Dina a* pour objet d'édicter des mesures en vue de la gestion locale des ressources naturelles renouvelables dans la localité de ............................... Commune ...................., Sous-Préfecture de ..........................., Province de ........................ en vertu du contrat de transfert de gestion
entre ....................................
A cet effet, les membres de la communauté de base sus -mentionnée s'engagent à :

- gérer selon le plan d'aménagement les ressources naturelles renouvelables ;
- respecter les lois et règlements de la République ainsi que les us et coutumes qui ne sont pas contraires à la protection de l'environnement ;
- respecter les règles de fonctionnement régissant la communauté de base.

**Art.2**. Le Règlement Intérieur et /ou *Dina a* force de loi entre les membres de la communauté de base. La communauté de base peut faire appel à l'administration pour faire respecter les dispositions du présent Règlement Intérieur et /ou *Dina*.

**Art. 3.** En application de l'article 13 du Décret n° 2000-027 du 13 Janvier 2000 relatif aux communautés de base chargées de la gestion locale des ressources naturelles renouvelables, la mise en application du Règlement Intérieur et /ou *Dina* est assurée par la structure de gestion.

**Art.4**. Tous les membres de la communauté de base doivent participer à l'exécution des tâches fixées par le plan de travail annuel adopté par l'Assemblée Générale.

**Art. 5**. Tout membre de la communauté de base bénéficie d'une priorité pour l'exécution des travaux décidés par l'Assemblée Générale.

**Art. 6**. En application de l'article 53 de la Loi n° 96-025 relative à la gestion locale des ressources naturelles renouvelables, tout membre de la communauté de base qui ne se sera pas conformé aux dispositions du Règlement Intérieur et /ou *Dina* est passible des "vonodina" qui y sont prévus, sans préjudice des réparations pécuniaires qui peuvent être stipulées dans ledit Règlement Intérieur et /ou *Dina* au profit de la communauté de base et de toute poursuite pénale, en cas d'infraction à la législation et à la réglementation en vigueur.
Tout membre de la communauté de base qui ne se sera pas conformé aux dispositions du statut et du règlement intérieur est également passible de "vonodina".
Le "vonodina" consiste en des réparations pécuniaires, en une remise en état des dégâts causés ou en l'exécution par équivalent d'accord parties au profit de la communauté de base.

**Tovana amin'ny didim-panjakana laharana faha 2000 – 027 tamin'ny 13 janoary 2000 Mikasika ny vondron'olona ifotony miandraikitra ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina.**

**MODELIN'NY FITSIPIKA ANATINY SY / NA NY DINA MIFEHY NY VONDRON'OLONA IFOTONY ARYMIKASIKA NY FITANTANANA ENY AN – TOERANA NYLOHARANON – KARENA VOAJANAHARY METY HAVAOZINA**

Izao fitsipika anatiny sy / na dina izao dia nifampidinihana sy lany eran'ny mpikambana ao amin'ny vondron'olona ifotony ao .........................................................................................., anatin'ny Kaominina ........................................................ Fivondronana ..........................................., tamin'ny Fivoriambe nataony ny ..................................................................................................., izay notarihan'Atoa ...........................................................................................nampian'Atoa isany : ........................................................................................................... sekretera, .........................................................................................................................

**<u>Andininy voalohany.</u>** – Ny antonanton'izao fitsipika anatiny sy / na izao dia ny hanoritana ireo fepetra enti-misahana ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina ao amin'ny faritra ......................................................................................................................................,
Kaominina ...........................................................................................
Fivondronana...........................................................Faritany....................................................
Araka ny fifanekena momba ny famindram-pitantanana ifanaovana amin'ny.......................................
Amin'izany ny mpikambana ao amin'ny vondron'olona ifotony voalaza eto ambony dia manaiky fa :

- hitantana araka ny drafitra fanajariana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina ;
- hanaja ny didy aman-dalàna ary fitsipika manan-kerin'ny Repoblika ary koa ny fomba amam-panao izay tsy mifanipaka amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ;
- hanaja ny fitsipika fampandehanan'asa aman-draharaha mifehy ny vondron'olona ifotony.

**<u>And. 2</u>** – Ny fitsipika anatiny sy / na dina dia zary lalàna mifehy ny mpikambana ao anatin'ny vondron'olona ifotony. Azon'ny vondron'olona ifotony atao ny miantso ny fitondran-draharaham-panjakana mba hampanaja ny fepetra raketin'ny fitsipika anatiny sy / na dina.

**<u>And. 3</u>** – Ho fampiharana ny andininy faha – 13 ao amin'ny didim-panjakana laharana faha – 2000 – 027 tamin'ny 13 janoary 2000, mikasika ny vondron'olona ifotony miandraikitra ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina na ny rafi-pitantanana no miantoka ny fampiharana ny fitsipika anatiny sy / na dina.

**<u>And. 4</u>** – Ny mpikambana rehetra ao amin'ny vondron'olona ifotony dia tsy maintsy mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny lahasa voafetran'ny drafitr'asa aman-draharaha isan-taona lany tamin'ny Fivoriambe.

**<u>And. 5</u>** – Izay rehetra mpikambana ao amin'ny vondron'olona ifotony dia manana tombon-dahiny amin'ny fanatanterahana ny lahasa notinapakin'ny Fivoriambe.

**<u>And. 6</u>** – Ho fampiharana ny andininy faha – 53 amin'ny lalàna laharana faha – 96 – 025 tamin'ny 30 septambra 1996 mikasika ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina, izay rehetra mpikambana ao amin'ny vondron'olona ifotony tsy manaja ny fepetra soritan'ny fitsipika anatiny sy / na dina dia iharan'ny vonodina voalaza ao anatiny, tsy tohinina ny fanoneram-bola mety ho voasoritra ao amin'izany fitsipika anatiny sy / na dina izany ho an'ny vondron'olona ifotony sy ny ifanarahana noho ny heloka vita, raha misy ny fandikan-dalàna sy ny didy amam-pitsipika manan-kery.
Izay rehetra mpikambana aminà vondron'olona ifotony tsy manaja ny fepetra voalazan'ny fitsipi-pitondrana sy ny fitsipika anatiny dia mety iharan'ny vonodina ihany koa.
Ny vonodina dia karazanà fanoneram-bola, famerenana amin'ny laoniny ny simba na fanatontosan'asa mifandraika aminy ifanarahan'ny andaniny sy ankilany ho an'ilay vondron'olona ifotony.

**Art. 7.** Les réparations pécuniaires doivent être payées dans un délai fixé par l'Assemblée Générale. Une fois ce délai expiré, un délai supplémentaire peut être accordé au membre fautif moyennant une majoration du "vonodina" à payer.
A l'issue de ce nouveau délai, le membre fautif qui n'a pas payé le "vonodina" est exclu de la communauté de base.

**Art. 8.** En cas de remise en état des dégâts causés ou de l'exécution par équivalent d'accord parties au profit de la communauté de base, la non-exécution de ses engagements par le membre fautif sera sanctionnée par une exclusion de la communauté de base.

**Art. 9.** L'exclusion d'un membre de la communauté de base ne peut cependant être prononcée qu'après que le membre fautif ait pu plaider sa cause devant l'Assemblée Générale.

**Art. 10.** Le recours devant la justice ne doit être engagé qu'après épuisement des procédures prévues par le Règlement Intérieur et /ou *Dina*.

**Art. 11.** Le membre démissionnaire ou exclu demeure solidaire des actes accomplis par ta communauté de base, à 1'actif et au passif, jusqu'à la date de sa démission ou de son exclusion.
A compter de cette date, il ne bénéficie plus des droits accordés aux membres.

**Art. 12.** Le présent Règlement Intérieur et /ou *Dina* entre en vigueur à compter de la date d'obtention du visa du Maire de la commune de rattachement.

A ..............., le ..............................

*Le président de la communauté de base*

**<u>And. 7</u>** – Ny fanoneram-bola dia tsy maintsy efaina ao anatin'ny fe-potoana noferan'ny Fivoriambe. Raha dila io fe-potoana io dia azo omena fe-potoana amboniny ilay mpikambana nanao hadisoana kanefa izany dia tovonana vonodina haloany.
Rahefa dify io fe-potoana vaovao io dia alàna tsy ho anisan'ny vondron'olona ifotony ny mpikambana nanao hadisoana tsy nahaloa ny vonodina.

**<u>And. 8</u>** – Amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny simba na fanatanterahana lahasa mifandraika aminy, ny tsy fanatontosan'ilay mpikambana nanao hadisoana ny fanomezan-toky nifanarahana dia ho saziana amin'ny fanalana azy tsy ho anisan'ny vondron'olona ifotony.

**<u>And. 9</u>** – Tsy azo atao anefa ny fanalàna mpikambana iray tsy ho anisan'ny vondron'olona ifotony raha tsy efa avy nanamarin-tena teo anatrehan'ny Fivoriambe ilay mpikambana nanao hadisoana.

**<u>And. 10</u>** – Tsy azo atao ny fampakaran-draharaha amin'ny fitsarana raha tsy efa tontosa daholo ny paika arahina voalazan'ny fitsipika anatiny sy / na dina.

**<u>And. 11</u>** – Ny mpikambana nametra-pialana na noesorina dia mbola tompon'antoka amin'asa vitan'ny vondron'olona ifotony tamin'hetsika sy ramby, hatramin'ny vaninandron'ny fametraham-pialany na ny fanalàna azy tsy ho isan'ny mpikambana.
Manomboka amin'io vaninandro io, dia tsy misitraka intsony amin'ireo zo zakain'ny mpikambana izy.

**<u>And. 12</u>** – Izao fitsipika anatiny sy / na dina dia manan-kery manomboka amin'ny vaninandro ahazoana ny fanamarinan'ny Ben'ny tanàna anankinana azy.

Tao ................................., ny ...............................................

*Ny filohan'ny vondron'olona ifotony.*